# ALAHADY FAHA 24 MANDAVANTAONA TAONA



*Avy ao Jesoa sy ny mpianany, dia nankany amin'ny vohitra manodidina an'i Sezarean'i Filipo, ary teny an-dàlana dia nanontany ny mpianany izy nanao hoe: Ataon'ny olona ho iza moa aho?*

Ry Kristianina havana malala, andro sarobidy ho antsika ity andro ity, andro mialoha ny fankalazana ny Fanandratana ny Hazofijaliana satria niany isika no handray fahasoavan-dehibe amin'ny alalan'ny fanamasinana ho pretra sy diakra ireto havantsika. Manambara fa mitohy hatrany ny vanim-potoana hirosoantsika amin'ny « départ vaovao » ao anatin'ny Pantekoty Vaovao, omban'ny Fahasoavan'Andriamanitra. Anisan'izany fahasoavana raisintsika ny fametrahana ireo Masera nialoha lalana miandry ny fitsanganan-ko velona ao amin'ny fasana vaovao niaraka tamin'ny voadin'ireo zandriny, zanany. Izany no manaporofo fa Olo Araiky ao amin'Andriamanitra Isika Jiaby araka ny fiekem-pinoana ataontsika « Izaho mino ny fiombonan'ny Olomasina… ». Ataoko fa mazava amintsika tsara amin'izao ny dikan'ny litanian'ny Olomasina amin'ny fanamasinana sy amin'ny voady. Naverimberintsika nandritra ireny fankalazana ireny fa tsy tanjona ireo fa DINGANA MANOSIKA ANTSIKA amin'ny « DEPART VAOVAO ». Hery lehibe ho antsika kosa satria ahafahantsika mijery ny lalan-kaleha. Noho izany mitohy hatrany ny «ady sy ny dia ». Mitohy tokoa ny fanorenana ny EOV MISIONERA VITA BATEMY TABERNAKLA VELONA

**Vakiteny I :** Iz 50, 5-9a
**Tononkira :** Salamo 114
**Vakiteny II :** Jak.2, 14-18
**Evanjely** :Mk. 8, 27-35

MANORINA ETA DIA NY FIANAKAVIAM-BEN'ANDRIAMANITRA FRATELLI TUTTI OLO ARAIKY ISIKA JIABY… Miroso amin'ny fanokafana ny SINAODY isika amin'ny alalan'ny fankalazana ny faha 120 taon'ny Eglizy Trano eny Joffre Ville.

Matetika aho no miteny « tsy misy kisendrasendra » fa asehon'Andriamanitra amintsika ny sitrany. Inona tokoa moa ny foto-kevitra amin'izao Alahady faha-24 mandavantaona izao : « Iza marina i Jesoa ho antsika ? » Miankina amin'ny valin-tenintsika ny mampiova ny fiainantsika, ny antoky ny fanorenana ny ho avy izay irintsika ho PANTEKOTY VAOVAO. Fiainantsika. Io ny mahatonga antsika milaza ihany koa hoe « anio, izany hoe ny valintenintsika, ny ho avy fa tsy rahampitso » …Fantaro fa izay mifanojo amin'i Jesoa, mifampitraotro amin'i Jesoa dia NIOVA TANTERAKA NY FIAINANA. Jereo i Piera Mpanarato nanjary "VATO" nanorenan'i Jesoa ny Eglizy… Jereo i Md Paoly, Md François d'Assise, Victoire Rasoamanarivo, Lucien Botovasoa… Ary ianao, izaho, isika tsiraikiraiky, mba ahoana ? ….

Fantaro koa anefa fa tsy tany malemy hanorenam-pangady ny finoana fa « ady sady dia » ka aza gaga isika raha tsy misaraka amin'ny fijaliana ny fanorenana ny ho avy, ny fiainana, ny Eglizy satria mitaky fahafoizana sy fanompoana… Ireo rehetra no dinihintsika sy banjinintsika miainga avy amin'ny vakiteny anio ary amin'izao androm-pahasoavana ho antsika izao ary indrindra amin'izao isika antomotra ny fanombohan'ny Sinaoda izao. SINAODA izay irintsika ho Pantekoty vaovao ho antsika. Mitaky finoana velona sy matotra.

Araka ny averimberintsika matetika tsy tany malemy hanorenam-pangady ny finoana fa tany lonaka iasan'ny Fahasoavan'Andriamanitra ka tsy misaraka amin'ny fahafoizana sy ny fanompoana. Io no-asongadin'ireo vakiteny anio. Na dia tsy tadiavina aza ny fijaliana dia tsy misaraka amin'ny fiainam-pinoana. Izany no mampisy hasiny ny fijaliana. Tsara manipika fa amin'ny Talata ho avy dia hankalaza ny Nanandratana ny hazofijaliana isika. Marina tsy ny fijaliana no tanjona fa ny hazofijalian'i Kristy no lalan'ny famonjena.

Ndeha ho jerentsika ireo fotokevitra ireo ka zary sakafo mamelona antsika amin'izao dingana misy antsika, amin izao andro sarobidy irosoan'ireo havantsika amin'ny fanamasinana izao. Tsy ireo no mandray ny fahasoavana fa ny diosezy manontolo. Isika Olo Araiky Jiaby.

Tsy afenina fa mafy ihany izay voalazan'Izaia Mpaminany amin'ny vakiteny voalohany… Tsy maintsy vonona hiatrika ny fijaliana izay Mpanompon'Andriamanitra. Tsy atao mahaketraka anefa ireny fahoriana sy fijaliana ireny satria ady sady dia ny fanarahan-dia an'i Kristy. Ady amin'ny ratsy mila handrendrika sy hanapotika. Dia miroso amin'ny tena fiainana. Izany no irintsika raha manao SINAODY isika. Marina tsy maintsy misy fahafoizana ary fijaliana. Ianareo hamasinina no Génération Sinaoda ka mivonona ianareo araka ny voalazan'Izaia. Na dia mety ho mafy dia matoky fa tsy irery isika…

Mitaky finoana izany rehetra izany. Io indrindra no hafatr'i Md Jakoba amin'ny vakiteny faharoa. Poakaty ny finoana tsy arahin'asa. Io ilay lazaintsika fahaizana mampitraotro ny finoana sy ny fiainana. Raha atao amin'ny teny hafa : FANDRAISANA AN-TANANA na ara-panahy na ara-tsaina na ara-nofo. Tanteraka izany raha tsy mpanjifa intsony isika fa tena mpiantsehatra, mpamelona amin'ny lafiny rehetra.

Misy dingana maromaro tsy maintsy lalovantsika mba ho tanteraka. Io no ezaka ataontsika

amin’izao SINAODA izao. Io ihany koa no ambaran’ny Evanjely raha mahatsikaritra tsara isika.

Mila mahay mamaly ny fanontaniana apetrak’i Jesoa ao amin’ny Evanjely isika EOV TSIRAIKIRAIKY. Azo lazaina fa io fanontaniana napetrak’i Jesoa io no fanontaniana fototra mampivondrona ny dinika rehetra amin’izao Sinaoda izao. Ataon’ny olona iza i Jesoa amin’izao andro iainantsika izao ? amin’izao fanatontoloana, « globalisation » izao ? Amin’izao isika miatrika an’ity KORONTANAVIRUS ity ? Ary ho anao ataon’iza i Jesoa.

Andeha hohalalinintsika ny valinteny nataon’ny sokajin’olona ka ampifandraisantsika amin’ny zava-misy iainantsika ary indrindra am-pifandraisantsika amin’ny SINAODA sy amin’izao fanamasinana pretra atrehintsika izao.

Mazava ho azy mitodika amin’ireo hamasinina i Jesoa ? Rentsika ny “témoignage”, ny fijoroan’izy ireo ho vavolombelona nanoritan’ny tsirairay iza i Jesoa ?

Raha ny Evanjely dia rentsika ny valinteny nomen’ny olona : Joany Batista, Elia sns… Ireny no valintenin’ny olona ? Mbola manankery ireo valinteny ireo raha mandinika ny zava-misy isika fa indrindra amin’izao vanim-potoan’ny krizy izao. Izany hoe mangetaheta « leader », mpitarika ny olona. Tsy mahagaga raha maro ny mpanararaotra ka mitsangana ho mpaminany amin’izao. Fantaro anefa araka ny voalazan’ny vakiteny voalohany, ny atao hoe « mpaminany » ary ny miandry ny «mpaminany »… Olona mahafoy, manompo, mitarika ny olona hivelona ny sitrapon’Andriamanitra na dia miankina aman’aina aza izany. Izany no miandry anareo hamasinina. Tsy ireo ihany fa miandry antsika jiaby…

Tahaka an’i Jesoa nanasitrana, nanafaka amin’ny fahoriana, nanafaka amin’izay mamatopatotra rehetra… isika EOV VITA BATEMY no Jesoa Mpiara-belona amin’ny olona amin’izao ka isika no voairaka hitondra ny Vaovao Mahafaly manafaka ny olona amin’ireo krizy maro lafy sedraina. Mila fiomanana izany ka izay no mahatonga ny fiomanana ho pretra tsy mitovy amin’ny fianarana rehetra. Izany ihany no mahatonga antsika miatrika izao kihon-dalana izao « na ho rendrika na ho tafita hoy ny Papa… » ary nampiana hoe « tandremo sao efa tara isika… » manao izao SINAODA izao isika mba hanaovantsika « ainga vaovao »…

Mitodika amintsika tsiraikiraiky àry i Jesoa tahaka Izy nitodika tamin’ny Apostoly . Mitodika amin’izay hohamasinina i Jesoa. Mitodika amintsika eto anivon’ny diosezy mankalaza ny faha-120 taona sy miditra amin’ny fankalazana ny SINAODA i Jesoa : ATAONAREO HO IZA AHO ?

Matoa afaka namaly ny fanontanian’i Jesoa i Piera nisolo tena ny Apostoly dia NIARA-DALANA TAMIN’I JESOA IZY IREO. Nahita an’i Jesoa nampianatra, nahita an’i Jesoa nanasitrana, nahita Azy nanafaka tamin’izay mamatopatotra rehetra. Izany hoe nahita an’i « Jesoa lalana, fahamarinana sy fiainana ». Izay koa no ataontsika mandritra ny SINAODY : MIARA-DALANA (= SINAODY) AMIN’I JESOA. Miara-mivavaka, miara-mifampidinika. Ka rehefa feno ny Fanahy Masina tahaka an’i Piera dia hilaza hoe : Ianao no Kristy, Mesia, Mpamonjy… Araka ny voalazantsika teo dia tsy noho ny fahendren’i Piera na noho ny fahaizany, fa fanomezan’Andriamanitra, araka ny voalazan’i Md Matio : Sambatra hianao, ry Simona zanak'i Joany, fa tsy ny nofo aman-dra no nanambara izany taminao, fa ny Raiko izay any an-danitra… » Torak’izany ihany koa, tsy noho ny fahaizantsika na ny

fahendrentsika na ny ngovontsika na dia tena ilaina aza ireo no hanatanterahantsika ny SINAODA fa ny FAHASOAVAN'ANDRIAMANITRA MIARAKA AMINTSIKA. Izany no mahatonga antsika manao vavaka totoafo. Fantaro ihany araka ny Evanjely fa mora mivadika isika satria mpanota miloloha lanitra ka mety ho lena mandia tany ka mety ho solafaka. Jereo i Piera vao avy nanambara ny fiekem-pinoana rehefa nilazan'i Kristy fa tsy miantsy hijaly Izy dia tsy nankatò ka voatery niteny mafy azy i Kristy. Izany rehetra izany no manosika antsika hivahatra amin'ny vavaka hankahery ny finoantsika izay marefo, malemy. Mila halalinina koa ny finoana ary indrindra araka ny voalazan'i Md Jakoba amin'ny vakiteny faharoa « tsy maintsy finoana arahin'asa ». Tsy maintsy mandray an-tanana isika mba tsy ho «mpanjifa intsony fa ho tena mpiantsehatra, ho mpikatroka eo anivon'ny fiaraha-monina izay maro ny kivy sy very fanahy mbola velona ».

Ry Jesoa Kristy Zoky ô Ianao tokoa no Mpamonjy manala anay amin'izay mamatotra anay izay maro sy mafy amin'izao krizy izao. Mankasitraka anao izahay. Tohano ny ezaka rehetra ataonay fa indrindra ity SINAODA tianay ho tanterahina ity mba hahatonga anay ho EOV MISIONERA VITA BATEMY TABERNAKLA VELONA ka izahay no KRISTY MPIARA-BELONA amin'ny olona ankehitriny. Ombao ny tsodranonao izahay fa indrindra ireto vao nohamasinina ireto fa izy ireo no hitarika ireto olonao amin'izao SINAODA izao sy amin'ny fiainany manontolo. Nambaranao koa fa tsy maintsy hijaly ianao. Izay koa ny anjaram-piainanay. Ampio izahay tsy hatahotra izay sedra rehetra mety mitranga. Indreto izahay manolo-tena aminao miaraka amin'ireto havanay nohamasinina. Masina Maria Renin'i Jesoa sy Reninay mitodika aminao izahay, tsy nandao ny Apostoly ianao, teo anivon'ny Eglizy mandrakariva ka aza manadino mivavaka ho anay. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy erantany mivavahà mandrakariva mba hahay hiaro ny finoana, hijoro amin'ny marina tahaka anao izahay. Amena

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson